Taom-pianarana 2018- 2019

# Ireo daty rehetra tsara ho fantatra 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 25 septambra 2018 Laharana 818 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Ohabolana 18: 15** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 20 septambra 2018

Kandidà Ravalomanana N°25 sy ny KMMR 2

# Efa an'aliny ireo nandrotsaka fanampiana



Fananganana KMMR 2

# Tafalatsaka hatrany ambany ravinahitra




FUTSAL 5

## Ny Boriboritany voalohany no tompon-dakan'ny CUA



Naka sary teny Andraikiba 7

## Tovolahy roa niaramaty an-drano

Mpampily mamo 6

## Nampidi-doza ka 1 maty 16 naratra mafy

Antsohihy faritra Sofia 2

## Anisan'ny loha-laharana amin' ny fanohanana an'i Dada

Daka kely

Maneli-tsaho ve sisa ry Boaikely no fomba fiadin'ialahy isany a !

ISPM Antsobolo 6

## Mahasarika ireo orinasa eto an-toerana sy any ivelany ny mpianatra avy ao



### Kandidà Ravalomanana N°25 sy ny KMMR

## Efa an'aliny ireo olona nandrotsaka fanampiana



Notokanana ny sabotsy teo, tetsy Bel'Air Ampandrana ny foiben-toerana na ny QG ny kandidà Marc Ravalomanana laharana faha-25 ao amin' ny biletà tokana, sy ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana. Trano lehibe vao naorina misy rihana 4 ity QG ny kandidà Marc Ravalomanana sy ny mpanohana azy ity. Nambarany tamin'izany fa nohon'ny fahamaroan'ireo olona milaza hanohana azy amin'ny fifidianana no nahatonga ny fanokafana ilay kaonty amin'ny banky BOA sy Mvola. Efa mahatratra an'aliny ireo nanohina ny antso tamin'izany hatreto hoy izy, ka ny maro tamin'ireo nandrotsaka vola fanampiana dia 20 000 Ariary sy 10 000 Ariary, izay efa nankasitrahan'ny kandidà sy ny KMMR sahady. Mbola misokatra amin'ny antoko politika, ny fikambanana samihafa ary ny olon-drehetra tsy ankanavaka ny fanohanana ny kandidà laharana faha-25, hoy i Dada. Ankoatra izany, ilaina hatrany ny fiaraha-miasa amin'ny mpamatsy vola mahazatra hoy ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana. Lasa any ivelany ny sabotsy hariva teo izy, lasa any Bruxelles any Belgique sy any Paris renivohitra Frantsay. Tao aorian'ny fitokanana ny foiben-toerana, QG ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana teny Bel'Air Ampandrana tokoa dia lasa nihazo an'i Bruxelles sy Paris ny kandidà laharana faha-25. Any Bruxelles Belgique dia hisy ny fihaonany amin' ny tompon'andraikitry ny Vondrona Eropeana ny alarobia ho avy izao. Any Paris, hisy ny fihaonana hiarahany amin' ireo teratany Malagasy mipetraka any dilambato na ny diaspora momba ny resaka mahakasika ny fifidianana filohampirenena hatao eto amintsika.

***Isambilo***

### Antsohihy faritra Sofia

## Anisan'ny loha-laharana amin'ny fanohanana an'i Dada

Toy ny faritra manerana an'i Madagasikara dia anisan'ny loha-laharana amin'ny fanohanana ny filoha Marc Ravalomanana ny Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny komity mpanohana azy any Antsohihy faritra Sofia . Vonona tanteraka hampandresy ny kandida Marc Ravalomanana ny any an-toerana araka ny fanambaràna tonga eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Nisy ny fivoriana ny faran'ny herinandro teo tao amin'ny Hotel de France tao Antsohihy, nanomezana toromarika ny mpikatroka rehetra amin'izao efa ankatoky ny fifidianana izao. Ka na tampoka aza ny fiantsoana nataon'ireo mpitarika tao an-toerana dia maro ireo namly ny antso tamin'izany.

***Helisoa***



### Fanohanana ny kandidà Ravalomanana N°25

## Tafalatsaka hatrany ambany ravinahitra ny fananganana KMMR

Tsy mitsahatra intsony fa mitohy hatrany ny fametrahana ny fototry ny fanohanana an'i Dada Marc Ravalomanana N°25 amin'izao fotoana izao, raha ny aty Alaotra. Fantatra fa efa tafidina hatrany amin'ny toerana izay azo lazaina fa lavitra sy saro-dalana ireo ao anatin'ny komity izay manangana ny KMMR na ny komity mpanohana an'i Marc Ravalomanana, any ambany ravinahitra rehetra any mihitsy. Isan'ny efa voaentana ny any amin'iny distrikan' Andilamena iny izay tafapaka hatrany Miarinarivo. Tsy mitsahatra ny midina hatrany ifotony mihitsy ny Filoha rezionalin'ny T.I.M Ramanontronarison Charles manao ny fanentanana rehetra mahakasika ny fiarahana mientana eo amin'ny fanohanana an'i Dada. Ankoatra izay dia mitohy hatrany koa ny fihaonan'ireo tanora lahy sy vavy izay mitovy tadindokanga ary samy resy lahatra fa andriamatoa Ravalomanana Marc ihany no afaka hamoaka an'i Madagasikara ao anaty kizo izay andriamatoa Ralambomanana Jacquies Liva no mitarika izany ao amin'ny fidinan-dRatatamo ao Avaradrova Atsimo. Fifanentanana amin'ny ezaka ho fampandresan-dahatra ny tanora namana hanohana ny laharana faha-25 amin'ny bileta tokana no tanjona ary fametrahana ny paik'ady hitondrana izany. Betsaka no efa resy lahatra ary tsy vitsy no tonga nanotrona hatrany ny fivoriana izay ny andro sabotsy hatrany no nosafidiana hanaovana izany hatreto.

***Raoul***

### Tim Anosizato Andrefana

## Nanamafy ny fototra tamin'ny fokontany miisa 2

Nanamafy ny fototra tamin'ny fokontany miisa 2 ao amin'ny Kaominina Anosizato Andrefana, ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny Kaominina Antananarivo Atsimondrano. Tontosa ny sabotsy teto tokoa tao amin'ny Kaominina Anosizato Andrefana ny fitsidihana ny fonkotanin' Antandrokomby sy Ankazotoho nataon'ny avy amin'ny antoko TIM.



*Ny sasany amin'ireo mpitarika ny antoko TIM ao Anosizato Andrefana.*

Maro ny tombontsoa azo tamin'ny andron'ny fitondran'i Dada hoy izy ireo, ka izay no anton'ny hetsika nampahafantarana ny olona, fa kandida mitondra ny laharana faha-25 i Dada, na ny filoha Marc Ravalomanana ao amin'ny biletà tokana. Anisan'ny zava-bitany araka ny tatitra: ny lalana, ny CSB II, ny EPP, ny CEG eny an-toerana, izay vita tamin'ny fotoana nitondrany avokoa. Noho ireo tombontsoa azony ireo dia maro no manohana an'i Filoha Marc Ravalomanana ao amin'ny Kaominina.

***Isambilo***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Kandida lazaina ho "favoris"

## Miaiky fa mitombina ny politikan-dRavalomanana

Saika ireo mpanao politika sy olona rehetra nanenjika ny filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny fotoana niketrehan'izy ireo ny fanonganam-panjakana teto amin'ny firenena dia samy nilaza avokoa fa hoe "tsy azo hohanina ny lalana". Noventesina sy natao dridrangilo teto izany hilentika tao an-tsain'ny vahoaka tany amin'ny 2008, 2009, 2010 sy niditra tao anatin'ny tetezamitan-dRajoelina. Politika sy paik'ady lehibe nentin-dRavalomanana io ho fampandrosoana an'i Madagasikara. Tsy nisy izay tsy niaiky tao anaty fitondrany ny mahatsara sy tena mahamety, ohatra ny nahavitany ny lalana teny Ampasika, ny teny Anosy manoloana ny sekoly Masindahy Misely, ary indrindra indrindra ny lalana teny Anosibe izay mirefy 3 km mahery. Tao anatin'ny 7 taona, fe-potoana niasany dia nirefy 9000 km mahery no vitany nanerana ny Nosy. Singanina amin'ireny, ohatra, ny lalana Antananarivo- Antsiranana, izay tena nahafapo ny mponina any avaratra sy nanampy be dia be azy ireo tokoa. Indrisy tonga ireo nanao tsinontsinona izany politika fotodrafitr'asa lehibe izany, dia niaraha-nahita ny fahapotehana sy ny fijalian'ny mponina efa feno fanantenana teo tamin'ny lafiny fandrosoana. Ary mandraka ankehitriny io fijaliany sy fahapotehan'ny lalana io, tsy voavahan'ny fitondrana Rajaonarimampianina, ny tetezamitan-dRajoelina koa moa dia zara raha mba nisy lalana vitany izany.
Nametra-panontanina mandrakariva tamin'ireo mpanongam-panjakana sy ny forongony mpanenjika azy ireo mahalala ny maha-zavadehibe io politika io sy mpanohana an'i Dada ny amin'ny hoe: "tena tsy azo hohanina tokoa ve ny lalana?". An'avona sy valy boraingina no valin'izany matetika, ary dia fankahalana fotsiny izao ny azy ireo, fa tsy misy fijerena sy fitsinjovana ny firenena velively. Iaraha-mahita sy mahalala tsara izany amin'izao fotoana izao.
Ankehitriny, eny na tao anaty fitondrana Rajaonarimampianina aza, dia indreo ireo mpanao tsinontsinona ny fanaovan-dalana nataondRavalomanana, fa mihazakazaka miditra amin'izany . Nitranga izany, ohatra, tany amin'ny faritra atsimontsimon'Antananarivo iny ary nifanotona tao mihitsy ny kandida roa izay samy hiseho amin'ny vahoaka fa hanamboatra ny lalana tao an-toerana. Sao dia mbola mitàna ny heviny toy ny taloha ihany izy ireo, dia ny hoe "tsy azo hohanina ny lalana", fa fihatsarambelatsihy hakana ny fon'ny vahoaka sy ny vatony fotsiny ireny fihetsika milaza hanamboatra lalana ireny. Tantara nisy teto, ary ny lasa tsy fanadino, nisy teto ny fanimbana ny saim-bahoaka fa hoe tsy azo hohanina izany ny lalana ary izay olona rehetra nanenjika ny filoha Ravalomanana tamin'izany dia tena fanetriben'ny firenena ary tena fahavalom-bahoaka mihitsy, satria manao izay hanapotehana azy hiditra amin'ny fahantrana. Vokatry ny nataon'izy ireo tamin'ny fotoan'androny izany dia izao iaraha-mahita izao ny manjo ny firenena sy ny vahoaka Malagasy.
Vonona tanteraka hanarina ny firenena ao anaty lavaka mangitsokitsoka nandentehana azy izany Ravalomanana Marc izany, ary manana ny traikefa tanteraka amin'izany izy araka ny nambarany. Mbola ho sarotra tanteraka rahateo raha olona tsy manana traikefa no hitondra firenena. Tsy fotoanan'ny kitsapatsapa toy izay hita tato anatin'ny 9 taona intsony izao, ary maika ny fanarenana an'i Madagasikara. Efa niha-matotra ara-tsaina sy mandinika politika ary manana ny heviny ny vahoaka noho izay efa nanjo mafy azy izay, ka tsy ho voafitaka sy tsy ho azon'ireo mpanao politika maloto rebirebena na raviravizana vola ary hanaovana ronono an-tavy na badoina intsony.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Kandidà : tsy miankina amin'ny vina no haharesy lahatra ny mpifidy fa miankina amin'ny lasany

Tamin'iny herinandro iny vao nidina ifotony ny ankamaroan'ireo kandidà ho filoham-pirenena ary saika tany amin'ny tany nihaviany, no nanatanteraka izany, ka nangataka tsodrano tamin'ny mponina sy ny olobe. Anisan'izany ny Praiminisitra farany, Solonandrasana Mahafaly Olivier, amin'izao Repoblika IV izao. Nampahatsiahy izy fa avy ao Antsohihy ny Filohan'ny Repoblika I, Tsiranana Philibert, ka ny teny filamatra tamin'izany koa no nindraminy dia « ny politikan'ny kibo ». Anisan'ny taranaky ny filohan'ny Repoblika I izay kandidà natolotry ny antoko PSD ihany koa ny kandidà Bezaza Eliana. Raha tsiahivina dia taranaky ny Repoblika I koa satria ny antoko PSD no nanolotra azy. Araka izany dia iretsy kandidà roa voalohany izany no hifampizara ny vato fara-faharatsiny ao amin'ny distrikan'Antsohihy. Fomban-javatra ihany izany eo amin'ny sehatra politika satria maro no iray fihaviana no samy mirotsaka. Ireo nanomboka ny fidinana ifotony dia samy nilaza fa zanaka tambanivohitra ary niharitra ny mafy ka mahatsapa tsara ny fahasahiranan'ny mponina eny an-tsaha ka hifantoka amin'ny fampiakarana ny fari-piainan'izy ireo ny laharam-pahamehana. Vitsy kosa anefa hatramin'izao no manana foibe eto an-drenivohitra kanefa eto avokoa no mipetraka ny kandidà maro na dia any amin'ny faritra aza ny fihaviany. Misy sahady ny manaitra ny fihetsempon'ny vahoaka amin'ny filazana fa misy mitady hisambotra sy hamono noho ny fitakiany ireo nosy manodidina hiverina amin'i Madagasikara. Tsiahivina fa efa nanatitra izany fitakiana izany teny amin'ny foiben'ny masoivohon'ny firenena frantsay ny "Gideona" niaraka tamin'ny mpanohana azy. Tsy matahotra anefa, hono izy, fa Andriamanitra no naniraka azy hanavotra ity firenena ity. Namerina hetsika izy tetsy Mahamasina ny sabotsy teo saingy azo lazaina fa nitsefotra ihany izany. Mety mitombina kosa ny fahitan-dRadadafara, araka ny antontan'isa mifototra amin'ny harena ankibon'ny tany mivoaka an-tsokosoko, fa afaka dimy taona monja dia hitovy amin'i Lafrantsa i Madagasikara raha voafehy ny fitantanana ireo harena voajanahary misy eto. Tsy mbola nisy tohiny aloha ny hetsika nataon'i Ratsiraka Iarovana Roland kanefa toa nahazo olona marobe izy teny Antsonjombe sy teny amoron-driaka tao Toamasina. Samy manana ny fomba entiny mamelabelatra ny vina hanavotana ity firenena ity ny kandidà tsirairay ka ny mpitarika ny "revolisiona lokom-boasary" dia any ivelany, ao Frantsa foana no mamoaka zavatra kanefa eto Madagasikara no sehatra ilalaovana. Ny ekipany kosa eto an-toerana dia miezaka mandresy lahatra ny vahoaka fa tsy mpifahavalo amin'ireo kandidà 35 hafa izy fa mpifaninana ihany amin'izao fifidianana izao satria "ny fitiavana no lehibe indrindra". Raha ny zava-misy sy ny kabary nataony tamin'izay rehetra nalehany teto an-toerana dia mifanalavitra amin'izany. Ny filohan'ny Repoblika nametra-pialana kosa dia tsy mbola hita loatra izay hetsika nataony ankoatry ny fitokanana ny foibe toeran'ny HVM etsy Andraharo. Mbola tsy maharesy lahatra anefa ny fanazavana ny "Fisandratana 2030" satria ny "Fotoam-bita" sy ny fitokanana fotodrafitrasa no vita hatramin'izao. Nitokana ny "Foibe KMMR 2018" etsy Belair ny kandida mitondra ny laharana faha-25, Ravalomanana Marc, ka tsy mitsahatra ny mamerina ireo laharam-pamehana tsy maintsy tanterahina ao anatin'ny fotoana haingana ary mamerina ny antso ho amin'ny fiaraha-miasa sy ny fandraisan'andraikitry ny olompirenena tsirairay amin'ny fanavotana sy ny fampandrosoana ity Firenena ity ary ny famerenana amin'ny laoniny ny fiainan'ny Malagasy. Mampahatsiahy hatrany izy fa "mpanangana fa tsy mpandrava". Misy ny manatsatso momba ny "fund raising" kanefa raha mandrotsaka vola ao amin'ny kaonty nosokafana ny olona dia noho ny fitiavana hanampy azy sy ho fampandresena azy amin'izao fifidianana izao. Misy ny manao kisarisary fanehoana fankahalana kanefa tsy mampiova na inona na inona eo amin'ny fitiavan'ny vahoaka Malagasy azy ireny.

***Andry Tsiavalona***

Amoron'i Mania

## Tafajoro ny KMMR Ambatofinandrahana



*Ireo mpitarika ny KMMR any Ambatofinandrahana.*

Tafajoro amin'izao fotoana ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana any amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana faritra Amoron'i Mania. Anisan'ny mpitarika izany ny ben'ny tanànan'Ambatofinandrahana, Roland Herimanana Rakotondrabe. Anisan'ny nisongadina tamin'ny fihaonana voalohany teo amin'ireo mpitarika ny KMMR any an-toerana sy ny mponin'Ambatofinandrahana fa miandry sy manohana ny filoha Marc Ravalomanana ny renimpianakaviana KMMR any Ambatofinandrahana reraky ny tsy fandriampahalemana izay miseho lany tokoa ankehitriny any amin'iny faritra iny. Tamin'ny fitondran'i Dada anefa, azo lazaina ho nilamina izany distrika izany. Nasongadin'ny mpitarika Roland Herimanana Rakotondrabe nandritra izany ihany koa fa tsy hijanona ny KMMR any an-toerana mandrapahazoana ny tena fandresen'ny kandidà Marc Ravalomanana, laharana faha-25.

***Isambilo***

Distrikan'Amparafaravola

## Vonona hampandresy ny kandida Marc Ravalomanana N°25

Mihetsika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sy ny KMMR any amin'ny faritra Alaotra Mangoro iny, izany hoe ny mpomba ny kandida filoha Marc Ravalomanana N°25 amin'izao fotoana ankatoky ny fifidianana filohan'ny Repoblika izao. Efa miezaka mitety faritra mampahafantatra ny kandida N°25 ny mpomba an'i Dada, tarihan'ny filohan'ny REGTIM Alaotra Mangoro, Charles Ramanotronarison sy ny birao miaraka aminy. Araka izany, ny faran'ny herinandro teo dia nisy ny fihaonan'ny mpikatroka rehetra mpomba ny filoha Marc Ravalomanana tao amin'ny distrikan'Amparafaravola, nahitana ny solombavambahoaka voafidy tao an-toerana Rabekijana, ireo ben'ny tanàna, ny KMMR ary ireo fikambanana tsotra. Tao anatin'izany no nampitaina tamin'ireto farany ny toromarika iatrehana ny fifidianana. Niray feo Amparavaravola sy ny faritra Alaotra Mangoro fa hiasa mafy hampiverina an'i Dada eo amin'ny fitondràna indray. Marobe hoy izy ireo ny zavabita ahatsiarovana azy raha tsy hitanisa afatsy ny lafiny ady tamin'ny tsy fandriampahalemana fotsiny. Nandry fahalemana ny tany tamin'ny fitondràna Ravalomanana, ka tsy ho adinon'Amparafaravola izany hoy ny fanambaràna.



***Helisoa***

## NY TENY FIAINANA

***Matio 10:7***

*Ary raha mandeha hianareo, dia mitoria hoe: efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Talata Volonondry- Antanetibe Anativolo: lalana ratsy hataon'ny kandidà sasany fampielezan-kevitra indray



**Fitahiana Razanajao:** ho ataon'ny kandidà sasany fampielezan-kevitra indray itony lalana farany ratsy Talata Volonondry, Antanetibe Anativolo itony.

**Hoby Randriamananjara** : ho anao ho anareo hilatsaka ho fidiana ka tahian'Andriamanitra ka lany eo, mba jereo itony lalana itony fa sady mampirongatra ny tsy fandriampahalemana no tsy misy hampakarana ny vokatra (Talata Volonondry -Antanetibe Anativolo).

**Mamitinamioty Fytimiangola** : Aiza io lalana io? Ho ataon'ny sasany fampielezan-kevitra hoe hamboarina indray izao io nefa tsy ho vita akory.

**Shakira Valdez** : tsy ny paosin'izay kandidà ho lany eo ve no fenoany eo e! Tsy hitany io rehefa lany izy.

**Hoby Randriamananjara** : Dist ANJOZOROBE LALAN MAMPITOY TALATAN'N VOLONONDRY S ANTANETIBE ANATIVOLO, tena ratsy tokoa nefa efa tokony hamboarina tamin'ny andron'i Dada fa tratra ny fanonganam-panjakan-dRajoelina.

**Rys Mel Nary** : ka lalana tsy azo hohanina e, nefa hita izao fa ny lalana ihany no laharam-pahamehana araka ny tarigetran'ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny TIM sy ny KMMR.

**Youbii Hasina** : mba tahak'zao no zavtr tokn ho publie-tsika namana ato am-ty FB ty hanairan an'reo mpitondra fanjakana.

**Betony Jasmine Mickéllà** : hamboarina io rehefa lany Dada, ny an'ny Filoha Marc Ravalomanana ny lalana no laharam-pahamehana ary efa nahavita 9000 km mahery izy tamin'ny fitondrany, mbola hataony ho be lavitra noho izany raha lany soa aman-tsara.

**Liva Rajaonarison** : tena nataon'ny lalana telomoka ! Iraimbava isika. Ny Filoha Marc Ravalomanana ihany no hahavita ny lalana toy itony.

## TONONKALO

### Tsy mahazaka demokrasia ?

Tsy zakan`ise ny demokrasia
Nefa ise `ty toa tena misisika hatrany.
Sao lahy fifidianana no hampahia
Ka tsy aleo ve mipetraka sao hitomany ?

IEM ity tena kobaka am-bava,
Fa resa-manidina sy misavoana.
Tsy mora amin`ise sokajiana ho mpandrava
Ny hamerina indray ny efa tsara tetoana.

`Reo mpianatra gasy nitaky ny rariny
Enjehin`ise ary dia norahonana ?
Izay ilay demokrasia sarintsariny
Tsy ao amin`ise ilay hoe fahavononana.

Fa ny an`ise ny manongana ihany
No fantatr`ise, hain`ise tsianjery.
"Demokrasia mitsongoloka" izany.
An`ny Tanora Gasy efa anisan`ny Very.

**MALO**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Mitsangana ny mpanohana ny kandida laharana faha-25, Marc Ravalomanana any Antsohihy.**





**Mavitrika ihany koa ny mpanohana ny kandida laharanana faha-25, any Amparafaravola**





## Sakafo Ny Valosoa



Lasopy akoho gasy indray no laoka eto amin'ny pejin'ny Sakafo amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: paty, akoho gasy, sakamalaho, dipoavatra, dia atao be rony tsara. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny soa azo avy amin'ny ravin-goavy



Ny soa azo amin'ny ravin-goavy no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ny ravin-goavy dia sady mampaniry volo no misoroka ary mitsabo ny fihintsanam-bolo. Ny vitamina E ao anatiny no tena miasa amin'izany. Ankoatra io vokatsoa entiny io dia mitsabo ny tazo antsoina hoe "Dengue" ihany koa ny ravin-goavy satria mampitombo ny selan'ny rà. Fanaovana azy:

- Ravin-goavy singany 10;
- Rano;

Tsara kokoa raha ireo ravin-goavy vao, tsy misy pentina, salama tsara no alaina. Rehefa voadio tsara izany dia arotsaka anatin'ny kaserôly Rarahana manaraka azy avy eo ny rano iray litatra. Apetraka ambony afo ary avela hangotraka mandritra ny 20 minitra. Raha efa izay dia atokana sy avela hangatsiaka.

Fampiasana azy: rehefa mangatsiaka tsara ilay ranona ravin-goavy dia hanasana loha sady arahina hotra malefaka atao amin'ny hodi-doha. Kosehina mafimafy ireo faritra tena sola. Avela hilona ora iray dia kobanina amin'ny rano madio. Raha te hahazo vokatra tsara dia adin'ny iray mialohan'ny hatoriana no tsara hampiharana ity toro-hevitra ity.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Analalava any amin'ny faritra Sofia

Ny tanànan'Analalava any amin'ny faritra Sofia indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Any amin'ny faritra avaratra andrefan'i Madagasikara iny no misy azy, amorondranomasina. Ahitana ireo gadra sesitany taloha tany Nosy-Lava i Analalava, tsy tafaverina tamin'ny fianakaviany intsony ireny gadra sesitany ireny dia mijanona ao Analalava. Anisan'ny foto-piveloman'ny mponina any ny jono patsabe na tsitsika, ny fambolena: fambolena vary,... Avy any Antsohihy no mankany: amin'ny arabe lalantany, na amin'ny sambo manaraka reniranon'i Sofia.



## Ohabolana 18: 15

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 20 septambra 2018

***Ohabolana 18: 15 "Ny fon'ny manantsaina mahazo fahalalana; ary ny sofin'ny Hendry mitady izany"***

Toy izao ny FANAMBARAKO : raha vao tanteraka tambonin'ny tany ny TENIKO dia niezaka hatrany i Iosifera nandrava, nanimba, nanova izay vita. Izany no antony niantsoako mpanompo mandrakariva hanambara AHY sy ny FANJAKAKO izay tsy ho rava mandrakizay. Na teo aza ireo karazam-piainana maro diavin'ny olona, aza hadino fa io FANJAKANA io teo foana, ary izay fanjakana tsy manompo AHY JEHOVAH dia ho levona, ary ireny dia ho fongana tokoa, Isaia 60: 12 "*Fa ho levona izay firenena sy fanjakana tsy hanompo anao; eny, ireny firenena ireny hofongorana tokoa*". Atsangako ambany masoandro ny FANJAKAKO, Jeremia 18: 9 "*Ary vetivety kosa Aho dia milaza firenena sy fanjakana haoriko sy hamboleko*". Aza hadino fa TENY FIKASANA izany. Izany anefa tsy ho tonga raha tsy mandalo FIBEBAHANA. Ampy koa izay ny nitondranareo olombelona ny tany sy izay eo aminy, potika, rava, niova, feno fahavetavetana, fahoriana, fijaliana, alahelo, ady, korontana, fampiandaniana, fankahalana, avonavona, fanaovana ody ratsy, fiampangana, fitsaratsarana, fieboeboana, fireherehana, tsy fahononan-tena, fitiavan-tena, fisaraham-bazana, hatezerana, fialonana, fitokoana, filalaovan-dratsy, fifandrafiana, fanamelohana, kolikoly, fijejojejoana, lozabe, fanirian-dratsy, hakamoana, fimamoana indrindra fa ny fanompoan-tsampy, tsy mino fahamarinana avy AMIKO, tsy mahatoky izay noforoniko JEHOVAH, mandainga, mangalatra, mifanenjika, tsy manana fifaliana sy fiadanana, tsy mamindra fo, tsy mahay mifamela heloka, manao otri-po, be fanditra, tia ratsy, mamitaka, tia manozona olona, mijangajanga, ratsy fanahy, tsy mifanaja, tsy tia fahamarinana, mifidifidy tavan'olona, miangatra fitondrana, miteny ratsy fiangonana sy ireny mpanompoko fitaovako ireny, mifanilika sy mifanompa amin'ny teny mamoa-fady, mifamototra amin'ny fanambadiana tsy araky ny tso-drano nataoko tany aloha, izay tokony tsy miova velively, matoky tena sy mialoka amin'ny olombelona toa azy ary miantehitra amin'ny razana izay efa vovoka miandry izay hitsarako azy, manangana fahavalo olombelona toa azy, manaratsy namana, tsy manaja ray sy reny, tsy manome voninahitra AHY JEHOVAH, tsy matahotra ny TENIKO, mifanondrotondro, tsy manaiky diso, tsy manana fanantenana ny amin'ny farany, manoman-tena ho any amin'ny fahaverezana. Izany no fiafaran'izay mbola voafatotr'ireo toetra ratsy ireo. Diniho tsara sy vakio tsara ireo voasoratra rehetra ireo, sao dia mbola voafatotry ny toetra sasany amin'ireo ianareo. Azo ialana tsara ny toetra ratsy. Tsy afaka amin'izao anefa fa tsy maintsy mandalo ireo dingan'ny Batisa ireo vao afaka. Noho izany aza atao atsirambina na kitoatoa izay fampianarana atolotro JEHOVAH anareo. Aty am-piandohana AHO dia efa manafatra sahady hoe : mety zava-baovao aminao, mety efa fantatrao, mety hampisalasala anao fa izao, Marka 16: 16 : Izay mino sy atao Batisa no vonjena. Mino an'iza? Vonjena ahoana? Izay mino izay lazaiko JEHOVAH sy mankato ny TENIKO, izay mino an'i JESOSY fa MPANJAKA IZY, MPAMONJY IZY, MPANASITRANA IZY ary MPANAFAKA. Izay mino izany Batisa izany fa anisan'ny Fahamarinana sy Famonjena ary didy sy fitsipika. Izay tsy mety mino no hohelohina, raha toa misy tsy mino ireo voalaza ireo dia voaheloka izy. Aza hadino na odian-tsy fantatra fa ny helo no miandry izay voaheloka, Matio 5: 22 "*Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra amin'ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amin'ny fitsarana; ary na zovy na zovy no hanao amin'ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia miendrika hohelohina amin'ny Synedriona; ary na zovy na zovy no hanao hoe: Foka ialahy, dia miendrika ho ao amin'ny helo mirehitra afo.*" Sahaza izany olona izany ny "helo". Lalana roa ihany no iafaran'ny olombelona, raha manao ny sitrapoko JEHOVAH izy sy manompo an'i JESOSY Ilay nomeko ho MPAMONJY sy MPANJAKANY dia mivoha ho azy ny Fiainana mandrakizay (Paradisa). Ho an'ireo izay miteny ratsy ny Fanahy Masina, manohitra ny TENIKO sy mankasitraka ireo filàna ratsy misy eo amin'ny tany arak'ireo voalaza etsy ambony dia ireny no voaheloka ho an'ny helo, io ilay toerana voatokana ho an'ny olombelona tsy nandray FAMONJENA tamin'ny alalan'i JESOSY , tsy manaraka ny lalany, Lioka 12: 5 "*Fa hasehoko anareo izay hatahoranareo: Matahora Izay manam-pahefana hanary any amin'ny helo, rehefa novonoiny; eny, hoy Izaho aminareo: Matahora Azy.*" Matahora izay manam-pahefana hanary any amin'ny helo. Hoy IZAHO aminareo, matahora AZY. JESOSY izany tokony hatahorana izany, satria ratsy ny helo e!Toerana tahakan'ny farihy izy io, tsy mba rano no ao fa afo tsy mety maty, mirehitra mandrakizay, ary izay rehetra tsy nahazo Famonjena tamin'ny alalan'i JESOSY, tsy navelany heloka satria tsy mety nibebaka, niziriziry tamin'ny fahotany! Rehefa tonga ny fotoam-pitsarana ka samy handalo izany, atsipy ao amin'izay toerana izay tsy mino rehetra. Tsy mety levona na maty fa mangirifiry midradradradra ao mandrakizay. Tsara ho fantatrareo izao : Apokalypsy 20: 15 : ary raha misy tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana dia atsipy ao amin'ny farihy afo izy. Noho izany ary, meteza ianao ho toroina hevitra sy mandray fampianarana fa any amin'ny helo tsy misy famonjena intsony, Matio 3: 12 "*eny an-tànany ny fikororohany, ary Izy hanadio tsara ny eo am-pamoloany ka hanangona ny variny ho any an-tsompitra; fa ny akofa sy ny mololo hodorany amin'ny afo tsy mety maty.*"

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)

# Nanala ireo peta-drindrina tsy ara-dalàna sy nanao fanadiovana

Nanala ireo peta-drindrina sy nanadio nanomboka teo amin'ny tetezan'ny Behoririka hatrany Besarety ny sabotsy 22 septembra 2018 teo, nanomboka tamin'ny 7 ora sasany maraina ny avy ao amin'ny boriboritany fahatelo kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Izany dia notarihan'ny lefitra faharoan' ny delegen'ny boriboritany fahatelo Herimanantsoa Raliderson. Arak'izany dia nisy ny fanesorana ireo peta-drindrina, ny famafana ny lalana ary ny fandraofana ny fako ary rehefa vita izay rehetra izay dia nisy ny fitifirana ranompanafody ny toerana voadio izay notanterahan'ny avy ao amin'ny BMH, na ny departemanta misahana ny fahasalamana mba hamono ireo mikraoba rehetra ary fiarovana amin'ny areti-mifindra pesta ihany koa. Tonga niaraka nisalahy nanadio tamin'izany ny ekipan'ny boriboritany fahatelo ny avy ao amin'ny BMH ary ireo tanora TIM avy ao amin'ny boriboritany. Ny anton' izao hetsika izao dia hita fa tena miparitaka sy mivangogo ny peta-drindrina, indrindra ireo tsy ara-dalàna mipetaka etsy sy eroa ary ny fahitana ny tanàna maloto . Mbola hitohy izao hetsika izao fa tsy tamin'io andro io fotsiny hoy ny tompon'andraikitra.



*Ny mpiasan'ny CUA nanadio teny Behoririka.*

***Aly***

## FUTSAL

# Ny Boriboritany voalohany no tompondakan'ny CUA

Tontosa ny faran'ny herinandro teo, tetsy amin' ny kianja Mitafon'i Mahamasina ny lalao famaranana FUTSAL, na foot à 7 izay nokarakarain'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nandrombaka ny amboara natolotry ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra ny lalao famaranana tamin'ity FUTSAL ity ny ekipan'ny Boriboritany voalohany raha nampiondrika ny ekipan'ny Polisy monisipaly tamin'ny isa 4 no ho 2 tamin'ny lalao famaranana. Nahazo ny laharana faha-3 kosa ry zareo avy amin'ny DCVC na ny foibem-pitondran' ny kolontsaina sy ny fiainam-piaraha-monina ao amin'ny CUA. Hetsika ara-panatanjahatena nentina hampialana voly ireo mpiasan'ny boriboritany enina sy ny avy ao anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra foibe ity natao ity ary ezahan'ny mpikarakara hisy isantaona. Andiany voalohany no vita izao araka ny fanazavan'ny tale misahana ny kolontsaina sy ny fiainam-piaraha-monina na ny DCVC ao amin'ny CUA, Patrick Andriamisa Ramihone. Tonga nanolotra ny amboara avy amin'ny Ben'ny tanana Lalao Ravalomanana teny antoerana ny Sekretera jeneraly ny kaominina, Heriniaina Razafimahefa, notronin'ireo mambran' ny kabinetra sy ny Tale isan-tokony ary ireo delegen'ny boriboritany enina mandrafitra ny kaominina Antananarivo Renivohitra.



*Ny boriboritany I, nahazo ny amboara avy amin'ny ben'ny tanàna sy ny CUA.*

***Lita***

## Beach soccer

# Tafita amin'ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2018 ny Barea

Eo amin'ny baolina kitra lalaovina amin'ny torapasika na Beach Soccer dia tafita amin'ny dingan'ny famaranana aty Afrika amin'izany ny Barean'i Madagasikara, eo amin'ity taranjam-panatanjahantena ity. Any Egypta no hatao ny dingan'ny famaranana amin' ny CAN 2018 eo amin'ity Beach Soccer ity, ny 9 ka hatramin'ny 14 desambra 2018 ho avy izao. Dingana faha-3 eo amin'ity lalao ity izao hatao any Egypta izao.



*Ny Barean'i Madagasikara Beach Soccer.*

***Lita***

TAOM-PIANARANA 2018- 2019

## Ireo daty rehetra tsara ho fantatra

Efa mivoaka izao ny kalendrie amin'ny taom-pianarana vaovao 2018- 2019 eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, hizara ho 2 volana miisa 5 izany taom-pianarana izany amin'ity taom-pianarana vaovao ity. Ny fidiran'ny mpianatra amin' ny sekolim-panjakana dia ny 19 novambra ho avy izao, ny fidiran'ny mpandraharahan'ny sekoly dia tapa-bolana mialoha an'io ny 5 novambra 2018, ny fidiran'ny mpampianatra dia ny 12 novambra ho avy izao. Ny roa volana voalohany amin'ny taom-pianarana vaovao ity dia ny 19 novambara ka hatramin'ny 21 desambra 2018. Ny roa volana faharoa dia ny 7 janoary 2019 ka hatramin'ny 1 martsa 2019. Andron'ny sekoly, ny 27 febroary ka hatramin'ny 1 martsa 2019. Ny roa volana faha-3, ny alatsinainy 4 martsa 2019 ka hatramin'ny 19 aprily 2019. Ny roa volana faha-4, ny alatsinainy 29 aprily 2019 ka hatramin'ny 29 jona 2019. Ary ny roa volana faha-5 farany dia ny alatsinainy 1 jolay 2019 ka hatramin'ny 30 aogositra 2019. Ny fanadinana CEPE dia ny 3 septambra 2019, ny fanadinana BEPC dia ny 23 ka hatramin'ny 26 septambra 2019. Ny fanadinana amin'ny fampianarana teknika CAE/EP dia ny 29 sy ny 30 oktobra 2019. Ny CAP/EP dia ny 26 sy ny 27 novambra 2019.

***Aly***

Fort Dauphin RN13

## Mpamily mamo nampidi-doza, 1 maty 16 naratra mafy

Fiarakodia iray mpanao fitaterana mampitohy an'i Fort-Dauphin sy Amboasary Atsimo, amin'ny lalam-pirenena faha-13 (RN13) no tratry ny lozam-pifamoivoizana. Handeha any Toliara izy ity no tratr'izao lozam-pifamoivoizana izao. Iray maty vokatr'izany, 16 hafa naratra mafy ary mbola tsaboina any amin ny hopitaly CHRR Amboanato Fort Dauphin amin'izao fotoana izao. Raha ny nambaran'ny nanatri-maso dia vokatry ny fandehanana mafy no nahatonga ity loza ity. Ilay ranamana mpamily voalaza fa tsy tompon'ny tenany, tao anatin'ny hamamoana. Izany rehetra izany no midika fa mbola baranahiny ny fifamoivoizana any atsimo. Fanamarihana, nampanantena saika isan'andro ny fitondrana fa handraisana fepetra ireo mpamily tsy manaja ny toromarika sy ny lalànan'ny fifamoivoizana. Zava-misy, mbola mahazo vahana ny taingim-be, izay miafara amin'ny vonoan'olona mahatsiravina matetika.

***Mangarahara***

Brieville faritra Betsiboka

## Angatahan'ny mponina ny hanohizana ny fametrahana ny fandriampahalemana

Manomboka miverina tsikelikely amin'ny laoniny amin'izao fotoana izao ny fandriampahalemana any amin'iny manodidina an'i Brieville ao anatin'ny distrikan'i Tsaratanàna faritra Betsiboka iny, sady tafalatsaka ao anatin'ny ilany atsimo andrefan'Amparafaravola. Izany no tanteraka dia teo ny ezaka lehibe eo amin'ny fampandriana fahalemana aton'ny miaramila avy ao amin'ny R.M.3 Toamasina sy ny R.M.4 Mahajanga ary ny zandarimariam-pirenena avy aty Alaotra Mangoro. Velombolo araka izany ny mponina any an-toerana noho izao fiverenan'ny fandriampahalemana any amin'izy ireo izao ary nangataka ny mba hanohizana hatrany izany izy ireo, mba hahafahana mamerina amin'ny laoniny ny seha-pihariana izay potika tanteraka noho ny hetraketraky ny dahalo sy ny jiolahy, izay tena nahazo vahana tokoa. Na izany



*Betsaka ny fitaovam-piadiana fampiasan'ny dahalo no efa sarona any Brieville.*

aza anefa dia fantatra ihany koa fa manao ny ataony amin'ny fikarohana hevitra hanajanonana io hetsiky ny mpitandro filaminana io, ireo very tombontsoa sy ireo fianakavian'ireo dahalo rain-dahiny izay misy amin'izy ireny no voasambotra velona ary misy kosa ny namoy ny ainy vokatry ny fifandonana tamin'ireo mpitandro filaminana ireo. Ankoatra ireo voalaza ireo dia matahotra mafy ireo dahalo ambony latabatra ka lasa mitady izay fomba ho entina mampitsahatra io asa fampandrian-tany io hoy ny mponina avy any an-toerana. Tsy manaiky izany anefa izahay vahoaka hoy izy ireo satria hita miharihary ny tombontsoa azon'ny rehetra noho izao hetsika fampandrian-tany izao. Efa niainanay hoy izy ireo ny fakana an-keriny sy ny fandravana narahina famonoana, ka rariny raha toa ka mba anjaran'ireo mpanao ratsy indray no mizaka ny vokatry ny nataony. Nomarihin'ny mponina avy any an-toerana fa isan'ny ezaka ataon'ireo fahavalon'ny fandriampahalemana ny fanasoketana ireo mpitandro filaminana ho mamonomono olona fahatany izay nambaran'izy ireo fa tsaho iniana aely ary vitan'izy ireo mihitsy ny mitady lalana ambanin'ny tany ho entina manakana izao asan'ny mpitandro filaminana izao. Nomarihin'ireo vahoaka fa mandry ny tany amin'izao angaredona iarahan'ny zandary sy ny miaramila izao, izay tontosaina ao anatin'ny distrikan'i Tsaratanàna tapany atsimo andrefan' Amparafaravola izao, sy ny ao Sahamamy ao anatin'ny distrikan' Amparafaravola. Irianay ny hitohizan'izany hoy ny mponina ary tsy atsahatra raha tsy efa tena miverina tanteraka amin'ny laoniny ny fandriampahalemana. Marihina fa isan'ny tratrin'ny horohoro vokatry ny asan-jiolahy ihany koa ny mpiasa teny anivon'ny Kraoma izay azo lazaina fa orinasa matanjaka tokoa.

***Raoul***

ISPM Ambatomaro Antsobolo

## Mahasarika ireo orinasa eto an-toerana sy any ivelany ny mpianatra avy ao




Miditra amin'ny famaramparanana ny taom-pianarana 2017-2018 ao aminy ankehitriny ny ivontoeram-pampianarana ambony Institut Supérieur Polytechnique de Madagascar –ISPM- eny Ambatomaro- Antsobolo. Ho an'ny dingana voalohany (1er Cycle) ny taona I sy II, dia efa vita tanteraka ny fanadinana, fa ny taona III kosa no mbola sedraina amin'ny fanaovana tantara an-dampihazo amin'ny teny frantsay mialoha ny famaranany ny taona. Hanampiana azy ireo amin'ny fahasahiana miseho na eo amin'ny fanaovana "soutenance" izany sy eo amin'ny fisehoana imasom-bahoaka mbamin'ny fidirana eo amin'ny tsenan'asa. Ny taona ambonin'izy ireo kosa, Master, ingéniorat", dia mbola eo am-pamitana ny fianarana sy fiomanana amin'ny "stage". Efa afaka manatona eny antoerana araka izany ireo orinasa manana faniriana handray mpianatra.

Eo amin'ity resaka "stage" na fizaran-draharaha ity no anisan'ny mampiavaka ny mpianatra manovo na nanovo fahaizana amam-pahalalana tao amin'ity ivontoeram-pampianarana ambony ity. Tsy sarotra ho an'ny mpianatra ny mitady toerana amin'izany ary anisan'ny miavaka izy ireo noho ny haavo lentam-pahaizany, hany ka maro amin'ireo orinasa no mangataka mihitsy amin'ny tomponandraikitra. Misy amin'izany avy eo no tazonin'ny orinasa avy hatrany hiasa ao aminy. Ireo efa mitady asa rahateo dia vao mainka mora mahita asa. Tsy eto an-toerana ihany ny orinasa miara-miasa amin'ny ivontoerana fa hatrany ivelany. Ho an'ireo mbola te-hanohy ny fianarany haka ny diplôman'ny "ingéniorat" any ivelany dia nomena safidy malalaka izy ireo hianatra amin'izay Oniversite handrantoany fianarana. Miara-miasa aminy ny Oniversite any Etazonia, Frantsa, Kanada, ary ao Afrika atsimo. Nahafapo ny vokatra amin'izany fandrantoana fianarana ataon'ny mpianatra any ivelany izany ary miavaka izy ireo, araka ny nambaran'ny tale misahana ny fitantanan-draharaha sy ny vola, Razafindrahety Aimée.

25 taona izao no nisian'ny ISPM, ary tsara ny vokatra azo hatramin'izay. Misokatra ho an'ny mpianatra rehetra manana ny diplôman'ny bakalorea amin'ny sokajy rehetra izy ary afaka ireo misafidy amin'ny lalam-piofanana misy. Ny faran'ny volana oktobra ny fitsapam-pahaizana fidirana, ka afaka maka ny antsipirian'ny tsara ho fantatra rehetra dieny izao izay maniry hiditra eny. Vantany vao mivaly ny fanadinana bakalorea, dia mandray avy hatrany ny antontan-taratasy ny tomponandraikitra.

***Radafy***

CNFPAR Antsirabe

## Nankalaza ny faha-55 taona niorenany



Nankalaza ny faha-55 taona niorenany ny toeram-piofanana CNFPAR (Centre National de Formation Professionnelle et Rurale) Vinanikarena Antsirabe ny zoma. Tonga nanotrona izany taty an-toerana ny minisitry ny fampianarana Teknika sy ny fanofanana arak'asa, Rahantasoa Lydia, notronin'ireo manampahefana eto Vakinankaratra. Nandritra ity lanonana ity no namoahana tamin'ny fom-ba Ofisialy ireo mpiofana tao amin'ity ivon-toerana ity ka ampahany tamin'ireo mpianatra ihany no tonga, satria efa niparitaka any amin'ny toeram-piasany avokoa ireo mpianatra, efa nahita asa. Efa antitra ihany ny fitaovana ao amin'ity sekoly ity ka nambaran'ny ministra Rahantasoa Lydia fa mila tohana izany mba hahafahan'ireo mpianatra manao fampiharana, eo ihany koa ny fanofanana ireo mpampianatra sy ny mpandraharaha ao aminy. Fa isan'ny nanotrona ity hetsika ity koa ny solombavambahoakan'Antsirabe, Randrianantenaina josé, izay filohan'ny kaomisiona ao amin'ny tontolon'ny fampianarana Teknika sy fanofanana arak'asa eo anivon'ny antenimieram- pirenena no sady ao anatin'ny fari-piadidiany rahateo ity ivon-toeram-piofanana ity.

***Lezama***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fitokanana ny QG an'ny KMMR teny Bel'Air Ampandrana ny sabotsy teo.


















